40 taona nanompoana

Soumis par pasitera

HO
VONINAHITR’ANDRIAMANITRA

Tononkalo ho fahatsiarovana
ny faha-40 taona

niasan’andriamatoa
ANDRIAMAMPIANINA Désiré mivady

tao amin’ny
FPMA

Faritany Atsimo Andrefana misy
azy

Manao ny Jôbiliny
ny alahady 26 oktobra 2008

Endrey ny fahasoavana iantsoan’ny Ray antsika

Hiara-mivavaka eto amin’ity andro manan-daza !

Fotoana iray tena miavaka toy ny kinta-manjopiaka

Tena androm-pitahiana ho an’ny lehibe sy ny zaza.

Fotoana natokantsika hisaorana an’Andriamanitra,

Fototr’aina, Foto-tsoa, Ilay Izy hatramin’ny Taloha,

Antom-pahavelomantsika, Raintsika any an-danitra,

Tsy mahafoy ny asan’ny tànany, be fitiavana tokoa.

Matoa isika tonga eto, tsy noho ny herin-tenantsika

Fa noho ny famindrampony ary koa ny fahasoavany.

Ampahereziny hatrany isika raha mila hangatsiaka.

Eny, tsy takatry ny saina raha ny haben’ny fitiavany.

Porofo maneho izany izao Jôbily masina eto izao

Izay anasana ny rehetra hiombom-po amam-panahy.

Ho voninahitry ny Anarany ny asa rehetra izay atao

Tanimboalobony isika ary Izy kosa no Ray Mpiahy.

Akory ny haben’ny haravoana tratr’ity andro Jôbily !

Jôbilin’i pasitera ANDRIAMAMPIANINA Désiré

Mivady. Mirodorodo ny rehetra ary tsy nivilivily

Nisy ny nandeha fiara, tao koa ny nandray TGV.

Ny Tompo Andriananahary no niantso sy nifidy

Sy nanokana azy ireo ho fiasana am-pelatanana

Mpanompo vonona tokoa ka tsy niamboho adidy.

Tsy manavakavaka izy sady mandala fihavanana.

Ny raibeny dia mpitandrina. Asa misy fihafiana.

Ny ray sy reniny mpampianatra. Raha vao valo

Taona monja izy dia tratry ny fahakambotiana

Maty rainy ka nafoy. Ny fiainana mampimalo.

Rehefa nandeha tany amin’ny toby Farihimena

Izy dia nandre antso. Tsy tafandrimandry intsony

Ary tsy niandriandry fa dia niroso ho katekomena

Dia noraisina ho Mpandray ka ravoravo ery ny fony !

Rehefa tonga izany antso dia mandoro ny ao anaty

Naniry ny ho mpitandrina izy, tena faniriana lalina…

Faniriana nitombo vahana, nitrebona tsy mety maty

Ka nohatoniny ny reniny satria tiany hampahafantarina.

Raha ny asan’ny mpitandrina dia tena misy fihafiana,

Fanta-dreniny tsara izany hany ka tsy tena narisika

Izy. Tsy foiny hijaly ny solofony na ho be fanahiana

Nefa notsofiny rano ihany rehefa hitany nisisika.

Mbola niofana aloha satria manko ny asa fanompoana

Tena ilana fiofanana. Afa-panadinana idirana ho kolejy

Tao Ambohipotsy no nianarany. Tao aminy ny fahazotoana

Ka nifotorany tokoa izany. Nianatra fa tsy variana nikarenjy.

Dia natokana ho Mpitandrina taona vitsy taty aoriana

Vonona hitondra zioga na ho voky na ho noana

Ary tsy mba misy reharehany afa-tsy ny hazo fijaliana

Ka ny asa fitoriana dia tena nataony tam-pinoana.

Dia niroso ihany koa tamin’ny lalan’ny fanambadiana

Ny niantefan’ny safidiny dia ramatoa Lala HARIMBELO

Tojo ny tia sy ny tiana ka tsy hay lazaina ny hafaliana

Vady tolo-janahary, miara-dia hatrany na faly na
malahelo.

Taorian’izay indray dia nanohy nianatra taty Andafy

Hahazoana ny licence ka nikofokofoka aok’izany.

Nohararaotiny ny fotoana. Tsy moramora fa nihafy…

Nody ventiny izany ka lasa Tale tao amin’ny Akany,

Dia Ilay Akany kristianina an’ny FFPM ao Antsahamanitra,

Izay natokana indrindra indrindra ho fitaizana ny zazalahy,

Ho fanabeazana ny maha-olona, ho voninahitr’Andriamanitra.

Adidy amin’ny taranaka ny fikolokoloana ny aim-panahy.

Anisan’ny nanohana azy hatrany tamin’ny asa fanompoana

Niara-dia na aiza na aiza tany aleha, tsy namela azy ho irery

Dia ramatoa Lala HARIMBELO vadiny. Eny, tam-pinoana

No nandraisany izany ho Adidy masina. Sanatria tsy an-tery.

Efa nandrindra tao amin’ny FPMA Paris ary koa Poitiers

Sy Saint-Simon teo aloha sady tao amin’ny Birao Foibe

Nandritra ny taona maro i pasitera Andriamampianina Désiré.

Tsy hohadinoina koa ny FPMA Bordeaux. Moa tsy izany ve ?

Tao koa ireo zanany telo mianadahy avy amin’ny Tsitoha,

Izay tsy nanakana azy na oviana tamin’ny asa fitoriana

I Hanitriniaina sy Mbelotiana no teraka taty Andafy moa

I Henintsoa no tany Madagasikara izay Akany niaviana.

Tamin’ny taona 68 no nanombohany tamin’ny FPMA

Efapolo taona izao. Isaorana ny Ray, fahasoavana tokoa.

Nahay nifandray tsara tamin’ny Malagasy sy ny Vazaha.

Ny traikefa dia ananany. Ny talenta nampiasainy koa.

Tsara homarihina fa izy tsy mpitandrina matihanina

Tsy nandraisany karama mihitsy ny asa fitandremana

Noho izany dia niasa i pasitera Andriamampianina

Satria moa efa aty am-pita no nofinidiny ho fonenana.

Tsy zoviana amintsika i pasitera Andriamampianina

Namela dindo ny Efapolo taona nitandremany taty

Niasa tamin-joto hatrany, Mpitandrina tsy matihanina

Nitory ny Vaovao Mahafaly dia ny Filazantsaran’i Kristy.

Niainan’izy mivady ireto ny fanahim-panetrentena.

Tsy fombany ny misehoseho fa miasa am-pitiavana

Tena toetrany izany. Ny mandefitra no fahendrena

Na reraka aza indraindray mbola entanim-piniavana.

Efa nisy fotoana naha-tompon’andraikitra ny FPMA

An’i pasitera Andriamampianina. Izy no nisolotena

Raha nisy nilana izany. Tena midadasika ny saha

Nefa notontosainy am-pitiavana, an-tsitrapo, tsy noterena.

Ny Faritany Atsimo Andrefana no nandray an-tànana

Ny fanatontosana ny Jôbily izay iainantsika etoana.

Ravoravo am-panahy ny Vaomieran’ny Fampihavanana

Tsy ambakan’izany koa ny Vaomieran’ny fanompoana.

Mbola ananany andraikitra ireo Vaomiera roa ireo

Tsy miamboho adidy izy. Nekeny tamim-pitiavana

Mpanompo vonona hanompo. Na oviana tsy ho leo.

Ny hazo fijaliana nentiny ka tsy nasiany fandavana.

Hita fa nanamarika azy tokoa ny fiainana taty Andafy

An’Andriamanitra ny fandaharana. Izy fiasana ihany.

Amin’izao fotoana izao dia efa fito mianadahy ny zafy.

Fahasoavana avy amin’ny Ray ka isaorany azy hatrany.

Koa arahaba ry izy mivady tratr’izao fotoana izao ;

Andro notahin’ny Tompo, tena fahasoavana tokoa.

HO VONINAHITR’ANDRIAMANITRA izay tsy mandao

Na oviana fa momba sy mitahy, tia sady manasoa.

Enga anie ity Jôbily masina ity mba hanjary
fitahiana

Ho an’ny lavitra sy ny akaiky, ny FPMA manontolo,

Ka tsy hisy ho diso anjara ary hampitoetra fifaliana

Noho ny asan’ny Fanahy izay miahy sy manolokolo !

Ramatoa RAHARIJAONA
Marie-Angèle, Mpitandrina

CHRIST-ROI faha-26 oktobra 2008

http://rahelys.unblog.fr